
# ALAHADY FAHA 22 MANDAVANTAONA – B -2024



***"Tsy ny zavatra avy any ivelany miditra ao anatin'ny olona no mahaloto azy, fa izay mivoaka avy ao anatin'ny olona no mahaloto azy » (Mk. 7: 15) "***

Ry Kristianina havana, nofaranantsika tamin'ny Alahady faha-21 tsotra mandavantaona lasa teo ny fandalinana ny evanjelin'i Md Joany toko faha-6 izay azo lazaina ho fandalinana mikasika ny Eokaristia miainga avy aimn'ny famantarana nataon'i Jesoa tamin'ny fampitomboana ny mofo ka nanambarany fa Izy tokoa no Mofon'aina mahavelona sy Rà loharano mamelona antsika ka izay misotro ny rány sy mihinana ny nofony dia hanana ny fiainana mandrakizay. Maro ny tafintohina araka ny voalazantsika : tao ireo vahoaka izay mijery ny zavatra manaitra ety ivelany, tao ihany koa ireo liana nihaino ny fampianarana fa tsy latsa-paka ka tafintohina, tao koa ireo Jody mifikitra amin'ny fomban-drazana, tao ihany koa ireo nilaza ho mpianatra satria efa nandray ny fampianaran'I Jesoa ; izy ireo no niaiky fa tsy mbola nisy olon-kendry mahay miteny toa azy, nefa nahatsapa fa tsy mahazaka ny fampianarany. I Piera sy ireo Apôstôly namany irery ihany no nisafidy sy natoky fa i Jesoa no tena Teny mahavelona. Tsy maintsy misafidy isika eo amin'ny fiainantsika raha hanaraka an'i Jesoa tanteraka ka mivelona izany Teny mahavelona izany ary izany no atao hoe fahafoizana, fanompoana ao anatin'ny fahamarinana. Izany hoe MIVELONA NY FIAINANA EOKARISTIKA. Io indrindra no kendrentsika tamin'ny fankalazana ny KEN 2024 IZAY NIRINTSIKA HITONDRA FIHAVAOZANA EOKARISTIKA KA NY FIHAVANANA TOKOA NO HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO

> **Vakiteny I :** Det. 4, 1-2. 6-8
> **Tononkira :** Salamo 14
> **Vakiteny II :** Jak. 1, 17-18. 21b-22. 27
> **Evanjely :** Mk. 7, 1-8a. 14-15. 21-23

IZAO… SATRIA AO AMIN'I JESOA FIHAVANANA DIA MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY KA AFAKA MIFANASOA MIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA.

Isaorana Andriamanitra fa tanteraka soa aman-tsara iny ny KEN. Isaorana isika jiaby. Isaorana ianareo Manampahafena izay tena naneho fa Olo Araiky tokoa isika. Isaorana ianareo jiaby nandray an-tanana tsy voatanisa eto notarihin'ny COS. Manambara ireny fa mahavita zavatra mampitolagaga tokoa isika raha miombona ho Olo Araiky. Tsy isika tokoa fa ny Fahasoavan'Andriamanitra miaraka amintsika.

Mitohy ny fiainana ary feno angovo vaovao isika miatrika azy fa indrindra ny teny faneva sy ny lohahevitra ny KEN 2024 dia mampiditra antsika amin'ny Sinaody fijanonana faha-3 na 3ème session izay ny lohahevitra : FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIFANASOA, MIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA ary mampandroso antsika ihany koa amin'ny JOBILIN'NY FANANTENANA. Azo lazaina àry izany fa tsy misy tokoa ny kisendrasendra fa ataon'Andriamanitra izao rehetra hahasoa izay tiany

Anjarantsika àry ry Kristianina havana no miatrika safidy matotra hitondra antsika hanao "départ vaovao" ao anatin'ny Pantekoty Vaovao ka tahaka ny Apostoly isika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA izany hoe hahatonga antsika ho "génération mpanorina" ao anatin'izao krizy maro lafy atrehintsika izao. Ny tanjona dia hahatonga ho tena "acteur" fa tsy "consommateur" intsony. Ho mpikatroka manavao ireo tontolo telo potika sy simba. Mikatroka eo anivon'ny fikambanana masina, sy ny firohotana ary indrindra ho mpanompo amin'ny alalan'ny vaomieran'asa maro isan-karazany izay anehoantsika fa isika izao no i Kristy mpiara-belona amin'olona amin'izao vaninandro misy antsika izao ka hametraka rafitra sy lamina vaovao hampivelatra ny maha olona manontolo sy olona manontolo ao anatin'ny FIANAKAVIAM-BEN'ANDRIAMANITRA = FRATELLI TUTTI = OLO ARAIKY ISIKA JIABY.

Amin'izao Alahady tsotra faha-22 mandavantaona izao dia miverina amin'ny Evanjelin'i Md Marka isika izay vakiana mandritra izao taona B izao ka mifanojo tsara ary manohy ny fampianarana nataon'i Jesoa nohalalinintsika mikasika ny Eokaristia. Tsy maintsy misafidy izay manara-dia an'I Kristy isika izany hoe mahafoy sy manompo. Izany indrindra ny lohahevitra aroson'ny Eglizy androany : "Tsy mora tokoa ny manaraka an'I Jesoa" fa tsy maintsy mitondra ny hazofijaliana, tsy maintsy misy fijaliana, tsy hoe mikatsaka ny fijaliana isika fa ny fahafoizana sy fanompoana hanahafana an'I Jesoa no mahatonga antsika milaza fa ireo manara-dia an'I Kristy akaiky tahaka ny pretra sy ireo voatokana manao voady mihohoka dia manambara fahafoizana sy fanompoana. Io mihohoka io dia manambara fa tsy Bac + (plus) ny fanarahan-dia an'i Kristy fa ny mifanohitra amin'izany Bac- (moins). Tsy maintsy mahafoy izay mety mamatopatotra. Izay manakorontana ny fiainantsika dia tsy maintsy diovin'ny Fanahy Masina satria ny Fanahy Masina dia mpanarina, mpanadio. Io no tanisain'I Jesoa ao amin'ny Evanjely.

Ambaran'i Jesoa amin'ny Evanjely izany mba tsy ho fanajana amin'ny molotra fotsiny no atao fa amin'ny fiainana manontolo sy amin'ny andavanandrom-piainana. Tsy ny fomba no ratsy fa ny fanaontsika no matetika mifanohitra amin'izany fomba izany satria raha tena fomba marina dia mikajy mandrakariva ny soatoavina araky ny naharian'Andriamanitra antsika izay nohariany hitovy endrika Aminy ny fomba. Ny fomba dia natao hivelomantsika ny maha-endrik'Andriamanitra antsika

satria na firenena inona na firenena inona dia efa noharian'Andriamanitra hatramin'ny voalohany fa ny fanao vokatry ny fahotana no matetika manakorontana izany faharian'Andriamanitra antsika mitovy endrika Aminy izany. Ny hamafin'ny fo io no lazain'I Jesoa ao amin'I Matio nahatonga nankatoavin'I Moizy ny fisaoram-bady izay fanao fa tsy fomba naharian'Andriamanitra ny fanambadiana.

Ny fanaontsika vokatry ny maha mpanota antsika no manimba ny fiainantsika ka izany no ambaran' i Jesoa amin'ny Evanjely androany mba hiverina amin'ny laoniny ny zava-drehetra ary izany rahateo ny anton-dian'i Jesoa eto an-tany, fahasoavana ho antsika izany ka aoka tsy asiana fihatsaram-belatsihy ny fanatanterahantsika ny fomba fa arak'izay fanajana ny soatoavina izay dia ny fifanajana no fototra ary ao anatin'izany dia ny fanajana ny aina no voalohany indrindra sy ny fanajana ny hafa.

Izany indrindra no mahatonga antsika mamerimberina matetika fa tsy maintsy fihavanana sady kristianina no malagasy. Inona no lalana mitondra amin'zany fihavanana sady kristianina no malagasy izany? Io indrindra no mahatonga antsika nankalaza ny KEN 2024 ary amin'izao miroso manatanteraka ny SINAODY fijanonana faha 3, 3ème session izao hahafahantsika manao "changement radical de comportement", fiovam-penitra mahery vaika amin'ny fitondran-tenantsika ka hiova araka ny fomba mitondra ny soatoavina ny fanaontsika. Io ilay "départ vaovao andrasantsika. Manantena Pantekoty vaovao tokoa isika.

Aoka ny fontsika ho fo vaovao ary izany no mahatonga an'i Jesoa nilaza fa io fontsika io no manimba ny fifandraisantsika. Tsy ny zavatra avy any ivelany miditra ao anatin'ny olona no mahaloto azy hoy Jesoa fa izay mivoaka avy ao anatin'ny olona no mahaloto azy, dia tanisain'i Jesoa ireo zavatra mahatonga fahalotoana ao am-pontsika ao dia ny fakam-badin'olona, ny fijanganjangana, ny famonoan'olona, ny halatra, ny hafetsen-dratsy, ny hasomparana, ny fijejojejoana, ny hadalana isan-karazany. Fantantsika tsara ireo fa vokatry ny maha-mpanota antsika ary manimba ny fiainantsika. Raha te ho taranaka mpanorina tokoa isika dia tsy maintsy mandresy an'ireo ka miditra amin'ny fiainam-baovao. Izany koa no irintsika ka angatahintsika ny Fahasoavan'Andriamanitra amin'izao fiatrehantsika ny Sinaody ka manantena isika hanana fo vaovao mba ho tonga taranaka mpanorina isika, ho Tabernakla velona tahaka an'I Masina Maria.

Matetika isika mamerina fa ny tanànantsika, ny diosezintsika, ny tanindrazantsika dia mila fo diovin'Andriamanitra, fo manao ny sitrak'Andriamanitra, manambara izany ny vakiteny voalohany amin'ny boky Deteronomy mba hanana fo vaovao ka amin'izay ho vahoaka hendry sy manan-tsaina isika *"Vahoaka hendry sy manan-tsaina tokoa io firenena lehibe io!" Fa iza tokoa moa no firenen-dehibe hanana andriamanitra akaiky azy, tahaka ny maha-akaikintsika ny Tompo Andriamanitsika isaky ny iantsoantsika Azy? Ary zovy no firenen-dehibe manan-didy amam-pitsipika marina, toy izao lalàna ataoko eo anoloanareo anio izao?"*

Md Jakoba ao amin'ny vakiteny faharoa dia mananatra antsika fa ny fanatanterahana ny sitrak'Andriamanitra izany hoe mitoetra ao amin'i Jesoa sy itoeran'i Jesoa isika no hahatonga antsika hihavao ka hanova ny fontsika. Ny hahafantarantsika izany dia isika manao soa ka mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana, manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra dia isika mikarakakara ny hafa sy manasoa ny hafa. "Manampia ny kamboty sy ny mpitondrantena" izany hoe miezaka mandrakariva manao ny sitrak'Andriamanitra amin'ny fiainantsika, izany ny finoana arahin'asa sy

fitiavana tsy am-bava fotsiny fa tanterahina amin'ny fiainantsika *"zao no fivavahana madio sy tsy misy tsiny eo anatrehan'Andriamanitra Ray: ny manampy ny kamboty sy ny mpitondratena amin'ny fahoriany; ary ny miaro tena tsy ho voaloton'izao tontolo izao."*. Io no averimberintsika matetika aoka tsy finoana entim-pahazarana ny finoantsika fa finoana velona ary ny finoana tsy tany malemy anorenam-pangady fa tany lonaka iasahan'(ny Fahasoavan'Andriamanitra ka mamokatra be…

Ry Jesoa Tompo ô ampianarinao tokoa izahay amin'izao hirosoanay mankany amin'ny fanatanterahana ny SINAODY fijanonana faha 3, 3ème session izao sady ao anatin'ny fankalazana ny Jobilin'ny fanantenana izao mba tsy ho am-bava fotsiny fa amin'ny fiainanay manontolo no hivelomanay ny finoana hahatonga anay ho EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA hanarina ny Tranobe iombonana izay efa robaka, hanorina ny fianakaviamben-Janahary, ho Olo Araiky Isika Jiaby, ho FRATELLI TUTTI hifampitsimbina, hifanasoa hikatsaka ny Soa Iombonana.

Ovay ny fonay mba ho fo hanahaka ny fonao ny fonay, amin'izay ny ataonay rehetra dia handresy an'ireo izay mitady hanapotika anay, mba ho ny fiainanay manontolo no fanatanterahana ny sitrak'Andriamanitra handresenay ny fihatsaram-belatsihy araky ny fomba matetika ataonay ka mahatonga ny fiainanay sy ny fifandraisanay simba. Teny mahazatra ataon'olona ny hoe tsy ny tany no fady fa ny vavan'olona, dia manao izay tsy mendrika izahay, ampio ny konsiansinay, ny maha izahay anay mba hifanaraka tokoa amin'ny maha zanak'Andriamanitra anay.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, marina tsy ho tratranay olombelona ny fahalavorariana ambaranao, ampio izahay hiezaka mandrakariva handresy ny ratsy amin'ny alalan'ny tsara, hiaina ara-pitiavana, ara-pahamarinana, hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, hikatsaka ny soa iombonana, hifanasoa ary indrindra hanampy ireo izay sahirana manodidina anay na sahirana ara-panahy na ara-tsaina na ara-nofo izy ireo. Ampio izahay mba ho Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina anay mba ho tena taranaka mpanorina tokoa. Enga anie ny fivavahana ataonay mba haninteraka ny fiainanay manontolo fa indrindra ny fankalazanay ny Eokaristia mba hahatonga anay hanana fiainana eokaristika ka hitoeranao ao aminay ary izahay hitoetra ao aminao ka hamokatra be eo amin'ny fiainanay izahay ary ho feno fiadanana sy hafaliana miaraka aminao.

Masina Maria Renin'ny Eglizy tsy misaraka aminay ianao ary mikatsaka mandrakariva izay mahasoa anay zanakao. Miroso amin'izao Sinaody izao izahay ka tantano am-bavaka ny dinika ataonay rehetra. Mivavahà ho anay mba ho fola-kevitra izahay fa mila fahafoizana ny fanorenana ny EOV. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy erantany arovy izahay amin'ny ataonay mba tsy hivily lalana. Ankininay aminao ireo tompon'andraikitra isan-tokony na ara-panahy na ara-nofo mba hanana FON-DRAY. Mila Baba tokoa izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson